# Ny finoana dia ho simba tsikelikely ao am-pon'iray aminareo tahaka ny fahasimban'ny lamba tonta, ka mangataha amin'i Tompo Allah Ianareo mba hanavao ny finoana izay ao am-ponareo

Tatitra azo avy amin'i Abdoullahi Ibn Amrou Ibn Al-Aasi (R.A), fa Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : " Ny finoana dia ho simba tsikelikely ao am-pon'iray aminareo tahaka ny fahasimban'ny lamba tonta, ka mangataha amin'i Tompo Allah Ianareo mba hanavao ny finoana izay ao am-ponareo ".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Hàkim sy Al-Tabaràni]

Milaza sy mampafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa ny finoana dia ho simba tsikelikely ao am-pon'ny Mpino iray ary mihamarefo sy malemy tahaka ny lamba vao iray rehefa efa ela dia ela ny nampiasaina azy; Ary izany dia noho ny tsy fahampian'ny fanompoana, na koa vokatrin'ny fanatanterana ireo fahotana ary ny filomanosana ao anaty fahafinaretana. Nanome toromarika Antsika i Mpaminany (S.A.W) mba hangataka amin’i Allah ny mba hanavao ny finoantsika, amin’ny fanaovana sy fanatanterahana an'ireo didy, sy ny fahatsiarovana Azy matetika ary ny fangatahana famelan-keloka Aminy.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65020